

## TORITENY 08 desambra

### FANKALAZANA AN'I MARIA TSY AZON-KELOKA TAMIN'NY FOTOTRA



**“Inty aho ankizivavin'ny Tompo, aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao.” Lk 1,38**

Ry Kristianina havana, araka ny fantantsika dia anio 08 desambra no hanokafan'i Papa Ray Masina ny varavarana masina ka hidirantsika amin'izao taona masina izao, hamakivakiantsika ny taona masin'ny famindrampo ity ka handraisantsika izay famindrampom'Andriamanitra. Izany indrindra no anolorako firariantsoa sy anolorako fiarahabana ho atsika mianakavy ary angatahintsika ho antsika tsirairay avy ny tsodranon'Andriamanitra mba ho taom-pahasoavana, ho taom-piadanana, ho taom-pihavanana, ho taom-pahasambarana ho antsika tokoa ity taona masina ity. Masina ny taona raha eo anivontsika Andriamanitra ary mandray ny famindrampom'Andriamanitra isika ary mizara izay famindramp-po izay koa amin'ny manodidina atsika. Masina tokoa ny taona raha eo anivontsika Andriamanitra ary mbola anatin'ny fanomanana ny fahatongavan'ny Tompo isika no manomboka izao taona masina izao. Tsy kisendrasendra no nifidianan'i Papa ny lohan'izao taona masina izao, amin'ny andro ankalazana an'i Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka, Immaculée Conception. Ny vakiteny aza

*Vakiteny I : Jen. 3:9-15,20,  
Tononkira : Sal. 98:1,2-3ab,3cd-4,  
Vakiteny II : Ef. 1:3-6,11-12,  
Evanjely : Lk. 1:26-38,*

manome programme ho antsika tokoa, ny programan'Andriamanitra dia programantsika ihany koa. Ny vakiteny voalohany dia fantantsika tsara fa isika lavo tamin'ny fahotana izany hoe nitodika an'Andriamanitra, tsy nanaiky an'Andriamanitra eo anivontsika ka niala tamin'izay endrik'Andriamanitra izay, voafitakin'ny demony.

Andriamanitra kosa anefa tsy mandao atsika ary manao izay hahasoa, hahatsara atsika : mamindra fo amintsika izy izany hoe ny fony ilay fo sarobidy indrindra, ilay fo maneho ny maha-izy azy indrindra satria izany moa ny fo, averimberintsika matetika izany dikanteny izany, ny fo dia tsy inona fa ny maha-atsika atsika, ny toetrantsika manontolo ny fo. Ka Andriamanitra araka ny enontsika tamin'ny vakiteny voalohany fa raha lavo tao amin'ny fahotana isika tsy navelany irery fa nampanantena famonjena ho antsika izy ary izay koa no ambaran'ny vakiteny faharoa, hahitantsika an'izany hafatra izany ao amin'i Md Paoly ho an'i Efeziana : tsy niala fa amintsika mandrakariva ny famindrampom'Andriamanitra ary nofidiny hatramin'ny voalohany isika tahaka ny nifidianany an'i Masina Maria ka natobany amintsika tokoa ny famindrampom, ny tsodranony, ny fitiavany. Tsy i Masina Maria irery ary no mandray ny tsodranon'Andriamanitra raha nandray ny hafatry ny Arkanjely Gabriely izy, miaraka aminy tokoa isika mamaly Eny, izay ny dikany fivoam-penitra mahery vaika ho antsika tsirairay avy amin'izao taona masina izao. Tsy maintsy hidiovintsika ny fiainantsika hamakivaky ny taona masina ka hihaona amin'Andriamanitra, izay ny dikany voalohany ny famindrampom'Andriamanitra dia isika manome toerana

an'Andriamanitra ao ampontsika ao ary mamela an'Andriamanitra hiditra ao ampontsika ao, manome toerana an'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika andavanandro, mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka mampiditra Andriamanitra amin'ny fiainantsika, izay ny fivoam-penitra mahery vaika.

### **Manaova Eny tahaka an'i Masina Maria**

Raha i Adama sy Eva nitodika an'Andriamanitra, isika kosa noho ny fahasoavan'Andriamanitra, noho ny herin'ny famindrampon'Andriamanitra izay dia miantso atsika tokoa Andriamanitra ka izao tokoa ary ry Kristianina havana, aoka isika hanaiky hidiovan'Andriamanitra, aoka koa anefa tahaka ny Eny nataon'i Masina Maria, raha nanao Eny izy dia niova, tsy nikombona fa nikarakara ny manodidina azy. Izay koa ry Kristianina havana ny vokatry ny fankalazantsika ny taona masina izao, raha eo anivontsika tokoa Andriamanitra aoka hifanasoa isika, hiezaka hifanatsara, hiezaka hifanombo tahaka nataon'i Masina Maria. Izy lasa namangy an'i Masimbavy Elisabeta raha vao nahazo ny hafatry ny Arkanjely Gabriely. Isika koa ary amin'izao fanombohantsika ny taona masina izao ka mandray ny hafatr'Andriamanitra, aoka hiroso lalindalina kokoa isika amin'ny fiainana vaovao ao amin'Andriamanitra ka havaoziny isika amin'ny alalan'ny asa fitiava-namana, asa fivalozana, amin'ny alalan'ny vavaka, izay no antony anaovantsika ireny ezaka ireny ary tohizantsika amin'ny alalan'ny fivahiniana masina na ny pelerinajy. Fantatrantsika fa ny pelerinajy di tahaka ny nataon'ny vahoakan'Israely, niala tamin'ny fanandevozana ka nandeha tany amin'ny tanin'ny fanantenana. Izay koa no hiezahantsika amin'izao taona masina izao, hiala amin'izay rehetra manandevo atsika, manapotika ny maha-atsika atsika, hiroso tsikelikely, hamakivaky ny tany efitra. Tsy maintsy misy sedra, tsy maintsy misy ny fampijalian-tena, ny « pénitence » amin'izao taona masina izao, ireny no handiovan'Andriamanitra atsika, hanovan'Andriamanitra ny fontsika tsikelikely mba hanahaka ny fony koa ny fontsika.

### **Ahoana no hanatanterahana an'izany ?**

Mety mieritreritra angamba isika hoe tsy ho tanteraka izany, tsy mety ho vita izany. Henontsika tsara ny hafatry ny anjely raha nisalasala tsy nahafantatra tsara ny tena hafatr'Andriamanitra i Masina Maria, dia nilazan'i Anjely hoe : « Tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao ». Ka izay tokoa ry Kristianina havana amin'izao fanombohany taona masina izao, matokisa ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra isika, tsy isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika ka izy no hanavao ny fiainantsika ka hanatsara azy ao aminy.

Ry Andriamanitra Ray ô, nifidy an'i Masina Maria ianao ho modelinay ka enga anie izy hivavaka ho anay ka hiaraka aminy tokoa izahay amin'izao taona masina izao hamakivaky ny tendrombohitra ho tonga any amin'i Elizabeta. Maro ny Elizabeta milan y fanampianay ary enga anie hifanasoa tokoa ary ho tahaka an'i Maria sy Elizabeta izahay hidera ny fitiavanao amin'ilay tononkira maneho an'izay asam-pitiavanao eto anivonay, maneho ny famindramponao ho anay vahoakanao izao. Ho tanteraka eto anivonay tokoa anie ny hafatra nentinao amin'izao androm-pahasoavana izao ka ity taona masina ity anie ho taom-pahasoavana, ho taom-pihavanana, ho taona fiderana anao ka hanjaka eto aminay tokoa ny tena fihavanana marina. Amen